# ANDRO FAHA-6

# HITA HO MAHATOKY

**Andinin- tSoratra Masina ho tadidiana: «** Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky. » 1 Kor. 4: 2

**Fanontaniana fototra :**

1. Mizaha toetra ny olona ve Andriamanitra ankehitriny, mba hamaritany ny fitiavany sy ny fahatokiny ary ny fankatoavany Azy?
2. Inona ireo safidy azo ampiharina isan'andro izay tokony ataontsika ankehitriny?
3. Amin'ny sehatra inona no hafahatsika mamantatra fa Andriamanitra no tompon'ny tontolo fizika sy materialy?

**Vakiteny fanampiny**: *Fitsipiky ny fiainana* - "Ny tena, ny fahasalamana, ny fanatitra, ny talenta, ny fitsapana, ny fotoana, ny ampahafolon-karena."

Rehefa namorona an'izao tontolo izao Andriamanitra, nomeny antsika ny fanomezany tonga lafatra - - ny fiainana mihitsy, ary ny zavatra ilaintsika mba ivelomana sy ifaliana. Noforoniny araka ny endriny sy ny tarehiny isika, ary nomeny fahafahana mieritreritra, hihetsika sy hisafidy. Ary nomeny antsika koa ny andraikitra hikarakara amim-pahendrena ireny fanomezam-pahasoavana rehetra ireny.

1. I Adama sy Eva dia tokony ho mpiambina an'izao tontolo izao sy ny fiainany manokana. Fa ny fanomezam-pahasoavan 'Andriamanitra dia niorina niaraka tamin'ny fepetra. "Tamin'ny fiandohan'ny fisian'ny olona, dia efa nisy fifehezana ny faniriana hanome fahafaham-po ny tena, ny filan'ny nofo mahafaty izay fototry ny fahalavoan'i Satana. Ny hazo fahalalana ... dia tokony ho fitsapana fankatoavana, finoana sy fitiavana ho an'ireo ray aman-drenintsika voalohany.

2. Na dia tsy nankatò aza i Adama sy Eva, noho ny fitiavany feno famindram-po, dia nanome fomba iray hamonjena ny olombelona Andriamanitra. Inona moa izany? ( Jereo Gen 3: 15; Jaona 3 : 16).

3. Mbola mizaha toetra ny olona ve Andriamanitra amin'izao fotoana izao mba hamaritana ny fitiavany, ny tsy fivadihany sy ny fankatoavany Azy? Mba hahitana ny valiny, dia vakio ireto andinin-tsoratra masina ireto: Isaia 42: 4; Dan. 7: 9, 10; 1 Petera 4: 17; 2 Petera 2: 9; Apoc. 14: 6, 7; Apoc. 22: 10-12.
" Koa samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra " (Rom. 14: 12).

Mbola manana ny fahafahana hisafidy an'i Jesosy sy ny fiainam-pitiavana sy ny asa fanompoana; na izao tontolo izao sy ny fiainana feno fitiavan-tena. Andriamanitra dia mangataka antsika mba haneho ny fitiavantsika sy ny tsy fivadihana amin'ny alalan'ny fisafidianana ho mahatoky eo aminy.

Ny fitsapana izay nisendrana an'i Adama sy Eva tamin'ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy tao amin'ny Sahan'i Edena, dia fisedrana ny fankatoavana, ny finoana sy ny fitiavana. Isika ihany koa

tokony hisendra izany fitsapana izany ankehitriny.

4. Ny fitsapana voalohany tsy maintsy hisendrana antsika dia ahitana ny fampiasantsika ny fotoana; Raha nanao izao tontolo izao Andriamanitra dia namorona ny isan-kerinandro miisa fito andro. Avy eo, dia nampiseho Izy fa Azy ny fotoana, amin’ny fanamasinana ny andro fahafito, ny Sabata. Andriamanitra nanao hoe: "Tsarovy _____ ____ hanamasina azy." (Eks. 20: 8). Ny fomba ampiasantsika ny fotoanantsika mandritra ny andro sisa amin'ny herinandro ihany koa dia fitsapana ny tsy fivadihana sy ny fankatoavana.

Ny fotoanantsika dia an’Andriamanitra. Ny fotoana rehetra dia Azy, ary isika dia manana andraikitra miezinezina mba hanatsara izany ho voninahiny. Ahoana no fomba hisafidiananao ny hampiasana ny fotoananao ho an'Andriamanitra isan'andro?

5. Ny fanamby faharoa dia mahakasika ny fampiasana ny talenta sy fahaiza-manao. Ny talenta dia mety ho ara-tsaina, ara-batana na fanomezam-pahasoavana sy fahaiza-manao ara-panahy. Andriamanitra dia manome antsika ireo fanomezam-pahasoavana, nefa mamela antsika mba hampiasa ny safidy. Ny fomba ampiasantsika ny fahaizantsika no mizaha toetra ny halehiben'ny fitiavantsika sy ny fanajantsika an'Andriamanitra.

"Noho ny fitahiana avy amin'Andriamanitra, ilay hany talenta nampiasaina tamin’ny fomba mendrika – dia ho tonga avo roa heny, ary izy roa raha ampiasaina amin'ny fanompoana an'i Kristy dia ho hapitomboina hatramin’ny 4, ary amin’izany ny fitaovana feno fanetre-tena indrindra dia mety hitombo amin’ny hery sy amin’ny filana".

Inona no fahaiza-manao safidinao hampiasaina ho an'Andriamanitra isan'andro?

6. Ny fisendrana fahatelo dia mandray andraikitra mikojakoja ny vatantsika. Andriamanitra, izay namorona antsika, dia mbola tompontsika ary Izy no milaza amintsika ny fomba hikarakarantsika ny vatantsika. Rehefa mamaky ireto andala-teny ireto ianao, dia eritrereto hoe inona no fomba hikolokolonao ny vatanao.

" Koa amin'izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany "(I Kor. 10: 31)

"Tsy fantatrareo va fa ianareo _______ avy amin'Andriamanitra ary ny Fanahin'Andriamanitra ____________ ao anatinareo?" (1 Kor. 3: 16)

"Ny vatana no fanohitra manan-danja indrindra izay ahafahan’ny saina sy ny fanahy mitombo ho fanorenana ny toetra amam-panahy" (Mpaminany sy Mpanjaka 488). Inona no safidinao atao mba hikarakarana ny vatanao?

7. Ny fisendrana fahefatra dia misy zavatra ifandraisany amin'ny fananana ara-nofo. Andriamanitra nahary ny zavatra rehetra, ary Izy no mbola tompony amin'izao fotoana izao Hoy Izy. "Fa Ahy ny biby rehetra any an'ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-tendrombohitra. Fantatro ny vorona rehetra eny an-tendrombohitra; ary eto amiko ny zava-mihetsiketsika eny an-tsaha. Raha mba noana Aho, dia tsy hilaza aminao; fa Ahy izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy" (Sal. 50: 10- 12)

"Ahy ny volafotsy, ary Ahy ny volamena, hoy Jehovah, Tompon'ny maro”     (Hagay 2: 8).

Apetrak’Andriamanitra eo am-pelatanantsika ny harena ara-materialy mba hisendrana antsika. Tiany ho fantatra raha manaiky Azy ho tompon’ ny zava-drehetra isika. Misendra antsika Izy amin’ny fangatahana antsika mba hamerina aminy ny ampahafolon’ny vola rehetra miditra amintsika. dia ny ampahafolon-karena.

Hoy Andriamanitra hoe: "Ary ny ampahafolon'ny vokatra rehetra ao amin'ny tany, na avy amin'ny tanimbary ny tany, na ny hazo fihinam-boa, ___ __ ho an'i Jehovah no _______ ho an'i Jehovah .. (Lev. 27: 30)
"Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohako ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo" (Mal. 3: 10) - dia baiko avy amin'Andriamanitra ... ny fahafolon-karena an'i Tompo. Manasa antsika Izy mba hanome azy izay azy manokana (Ed 138).

Manasa antsika koa Andriamanitra hanome Azy ny fanatitra mba haneho fankasitrahana noho ny fitahiany.
"Manomeza an'i Jehovah ny voninahitry ny anarany! Ento _________ ka mankanesa eo an-kianjany!" (Sal 96: )
Toy ny fiekena fa ny zavatra rehetra dia avy Aminy, Ny Tompo dia milaza fa ny ampahany amin 'ny hatsaran-toetra dia haverina aminy amin’ny alalan’ny fanomezana an-tsitra-po sy amin’ny alalan’ny fanatitra mba hanohanana ny asany. Ny habetsaky ny fanatitra izay omen’ny tsirairay manome ny tsirairay, dia ho samy hafa, satria ny fanomezana tsirairay dia mifototra amin'ny fitiavana, ny finoana, ary ny fitahiana noraisina.

Ho fankasitrahana ny fananan’ Andriamanitra eo amin’izao tontolo izao, Inona no safidinao omena Azy koa?
________ Fahafolon-karena: Haveriko ny 10% ny karamako _______ Fanatitra: Hanome fanomezana sy fanatitra an-tsitrapo aho mba hanehoana ny fitiavako sy ny fankasitrahako.

Ato amin'ity lesona ity dia nianatra isika fa tian'Andriamanitra isika mba ho mahatoky amin'ny fomba fototra efatra. Amin'ny teny vitsivitsy, lazao amin’ny fomba ahoana no hisafidiananao mba ho mahatoky Aminy. Avy eo, mangataha Aminy mba hanampy anao handresy ny fitsapana eo amin'ny fiainana.

**Fanoloran-tena sy vavaka :**